“Hoy Allah ilay Avo Indrindra : Efa nomaniko ho an’ny mpanompoko mpanao asa soa izay tsy mbola hitan’ny maso, na ren’ny sofina, ary tsy mbola noheverin’ny fon’ny olombelona hatrizay.”

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaïra (R.A), Niteny i Mpaminany (S.W.A) manao hoe : “Hoy Allah ilay Avo Indrindra : Efa nomaniko ho an’ny mpanompoko mpanao asa soa izay tsy mbola hitan’ny maso, na ren’ny sofina, ary tsy mbola noheverin’ny fon’ny olombelona hatrizay.” Hoy i Abo Horaïrah : “vakio raha tianareo : {Fa tsy misy olona mahalala izay takona aminy mba hampiononana ny masony} [Al-Sajdah: 17] .

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanambara i Mpaminany (S.A.W) fa Allah ilay Avo Indrindra, dia nilaza manao hoe : Efa nanomana voninahitra ho an’ireo Mpanompoko marina Aho ao amin’ny Paradisa izay tsy mbola hitan’ny maso ny tena maha-izy azy, tsy mbola ren’ny sofina ny filazalazana azy, ary tsy mbola tonga na nandalo tao amin’ny fon’ny olombelona ny tena maha izy azy. I Abo Horaïrah (R.A) dia niteny hoe : Vakio raha tianareo hoe : (Ka dia tsy misy olona mahalala izay takona aminy noho ny fampiononana ny maso). [Al-Sajdah: 17].

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/10404